# Papa Fransoà tany Madagasikara
## ny 6 hatramin'ny 8 septambre 2019





**Malagasy aminarivony maro avy amin'ny lafy valon'ny nosy no nihazo ny renivohitra Antananarivo mba hanatrika ny sorona Masina lehibe notarihin'i Papa Fransoa ny alahady 8 septambra .**





**Ao amin'ny firenena iray izay misy mponina 25 tapitrisa ka ny 9 amin'ny amin'ny mponina 10 miaina ambanin'ny 2 dolara isan'andro, tsy tokony "hararaotina amin'ny fomba ratsy ny Evanjely" fa "manorina ny tantara ao anaty firahalahiana sy fifampitsimbinana,ao anaty fanajana maimaim-poana ny tany sy ny fanomezany manohitra ny endriky ny fitsetsefana amin'ny endriny maro ", hoy ny Papa**



**Teo anatrehan'ny manam-pahefana ara-pôlitika, sivily,ara-pivavahana , ny vahoaka, nilaza ny Papa fa ny fanjifana diso tafahoatra dia mitarika mankany amin'ny nofinofy tsy ho tanteraka , notsipihiny fa ny harena tsy voatery mitondra manakaiky an'Andriamanitra. Ary mitsipaka ny « fihazakazahana amin'ny fanangonana » izay « manafotra sy manampy trotraka ny fitiavan-tena sy ny fampiasana ny fomba isan-karazany mamoa-fady".**





**Eto amin'ity Nosy izay misy mpino krsistinina maro izay katôlika ny iray ampahatelony, ny antokom-pivavahana dia manana ny andraikiny hatrany ifotony eo amin'ny fanabeazana sy ny fahasalamana.**

***" Hoentiko am-bavaka ny firenenareo mba hiaiana anaty fiadanana sy filaminana ",***

*izay no nambarany rehefa nandao an'i Madagasikara izy*





***Soeurs du Christ Provinsy Malagasy***